ANDILANATOBY 4

# FIARAMANIDINA KELY NIANJERA TSY TANA NY AIN'LAY MPANAMORY



MARINA IZANY ! 7

## HANDRAY NY ANDRAIKINY !

CISCO ANTANANARIVO 8

## TSY MIANATRA MANDRITRA NY 3 ANDRO NY MPIANATRY NY AMBARATONGA VOALOHANY

Gazetiko
www.gazetiko.mg
Laharana 7478 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Talata 24 janoary 2023

OMDA 2



## HIROSO AMIN'NY FIFIDIANANA IREO ARTISTA MITAKY FANOVANA

SEM ARNAUD GUILLOIS 7

# "TSY HITSABAKA AMIN'NY RAHARAHAM-



# PIFIDIANANA ETO MIHITSY NY FRANTSAY"

KUNG FU WISA 3



## MPIKATROKA AN'ARIVONY NO NIVONDRONA TETSY MAHAMASINA






Sehatry ny filatroana

# Mahasarika tanora maro amin'izao

Manomana hetsika goavana be i Al Madagascar, mpanao haihaingo (styliste) amin'ny volana aprily izao. Manoloana izay indrindra dia nanao antso avo (casting) izy ho an'izay tanora tia milatro na koa liana amin'izany tontolo izany ka te handray anjara amin'io hetsika io. Tsikaritra tamin'izany fa maro ny tanora no voasarika amin'ity sehatra ity satria maro dia maro tokoa ireo namaly antso ary dia mahatratra eo amin'ny 50 isa be izao eo ireo tanora noraisiny amin'izany. Anisan'izany i Fy, Ny Barimihaja Felaniaina Fitiavana moa no tena anarany, nanomboka ny volana septambra tamin' ny herintaona teo izy no niditra tamin'ity sehatra ity. Nanatona ireny "agence de mannequin" ireny izy tamin' izany ary teo no nahitàny an'ity fiantsoana nataon'i Al Madagascar ity ka dia nahaliana azy. "Rehefa tafiditra aho dia hitako hoe mahafinaritra satria misy fanabeazana ao anatiny sady mitarika sy mampivoatra ny tanora mba ho modely amin' ny fitondran-tena ny filatroana" hoy izy manazava.



Lehilahy jejojejo izay i Faniry.

Talohan'ity hetsika ity koa anefa dia efa nisy hetsika hafa nanaovany "miss" ka izay koa no mbola mahasarika azy hanao izany. Tsy natao ho an'ny vehivavy irery koa anefa ity tontolo ity fa na ny lehilahy aza dia maro koa no liana amin' izany, anisan'izany koa Randriamifidy Aimé Faniry Zo. Tia mihaingo ny lehilahy indrindra moa fa raha ny fomba fiakanjo fotsiny no jerena ka dia izay no tena nahasarika azy hanao izany. Nitsapa vintana izy tamin'ity "casting" ity ka dia anisan' ireo handray anjara. "Ny ahafantaran'ny olona maro ahy, izany hoe lasa "star",ka ho mora kokoa ny ifandraisana amin'ny olona ary mora noho izany koa ny ahitana asa" hoy izy no nahasarika azy hanao izany. Tsy tanjona kosa anefa hoy izy ny hanao asa azy ity fa hoe "passion », toy ny fitiavan'ny olona iray mahay zavamaneno ireny fotsiny. Mamporisika ny tanora toa azy moa izy mba hiroso hatrany hanatratra izay tanjona efa napetraka ary tsy hilavo lefona na inona aza mety ho sakana.

Tanya.R

SMK Obus School - CCI Ivato

# Homena sehatra amin'ny fampisehoana dihy ny mpianatra

Tetikasa ara-kolotsaina sy artitsika ny SMK Obus School. Natao hianarana ny dihin'ny tanan-dehibe izy io saingy misy famoronana ao anatiny. Isan-taona dia mikaraka hetsika roa ny SMK Obus School ka hisantarana izany amin'ity toana ity dia ny fiakarana antsehatra ataon'ny mpianatra hanehoan'izy ireo ny talentany. Tsy hisy aloha ny fifaninana isan-karazany fa dihin'ny tanan-dehibe no entin'izy ireo mandritra izany ka ankizy sy tanora manodidina ny 250 eo anelanelan'ny 7 ka hatramin'ny 29 taona no handray anjara. Ny Alahady 29 Janoary izao manomboka amin'ny 1 ora tolakandro eny amin'ny CCI Ivato no hanaovana ny fampisehoana. Fampisehoana izay hiompana amin'ny fampahafantarana fa tsy eny amin'ny sisin-dalana ihany no afaka hanehoana ny dihin'ny tanan-dehibe ary afaka manao izany avokoa na ny sarangan'olona rehetra fa tsy araka ny fiheveran' ny olona azy. Hasongadin' izy ireo amin'ity seho goavana ity ihany koa fa tsy dihy ihany no ratovina ao amin'ny SMK Obus School fa ao ihany koa fanabeazana ary indrindra tsy manao ambanin-javatra ny fifanajana eo amin'ny mpiara-belona ry zareo. Araka izany, ny Dihin'ny tanandehibe dia afaka manova ny toe-tsain'ny olona iray ho amin'ny tsara kokoa ary ao anatin'izany no ahafahany mifandray sy mifanampy amin'ny manodidina azy. Ho porofoin'ireo mpianatra mandritra ity fampisehoana ity ihany koa fa afaka miaradalana tsara amin'ny kolontsaina hafa ny dihin'ny tanan-dehibe. Ny tapakila mikasika ity fampisehoana ity moa dia azo hafarana amin'ny alalan'ny hafatra miafany ao amin'ny pejy fesibokin'ny SMK Obus School. Misy karazany 4 ny tapakila ka raha araka ny fanazavana dia efa lany ny tapakila SILVER sy BRONZE fa ny VIP sy ny GOLD SILVER no mbola azo jifaina.



Ankizy sy tanora manodidina ny 250, 7 ka hatramin'ny 29 taona no handray anjara.

Marihana fa efa tamin'ny 2016 no nijoro ara-pomba ofisialy ny SMK Obus School. Izy no azo lazaina fa sekoly fianarana dihy lehibe indrindra. Amin'izao fotoana izao dia mahatratra 500 ny isan'ny mpianatra izay miparitaka amin'ny toerana 14 eto Antananrivo. Amin'ity taona ity dia manam-pikasana ny hanokatra sekoly eny Andoharonofotsy sy Andranomena ny SMK Obus School

Tiaray Rakoto

FIZASOA

# Hifampiarahaba tratry ny taona eny Ambatomaro

Taorian'ny fihaonana maro nataon'ny Fikambanan'ny Zanaky Soanierana Ivongo tamin'iny taona 2022 dia tsapa ankehitriny fa velona ny fikambanana. Amin'izao fahatrarana ny taona vaovao izao dia hifamotoana eny Ambatomaro indray izy ireo ny 25 Febroary izao izay hanomboka amin'ny 9 ora maraina. Araka ny fanazavana izay nataon'ny komity mpikaraka eo anivon' ny FIZASOA izay nahitana an'i Veuga, sy Landry izay notarihin'ny SG Fanary Narry Thomas, nandritra ny resaka nifanaovana taminy omaly dia fotoana iray manan-danja eo amin'ny mpikambana io fihaonana io araka ilay oha-pitenenana hoe "Betsimisaraka, tsy misara-draha magnagno". Samy mitondra ny vary masaka sahaza azy ny tisrairay ary samy mitondra fitaovam-pihinana daholo fa ny fikambanana no miantoka ny laoka. Hasongadina mandritra ity fihaonana ity ihany koa ireo fomba amampanao mampiavaka an'i Soanierana Ivongo eo amin' ny fomba fitafy sy fandihy toy ny basesa. Amin'io fotoana io ihany koa ny fandraisana mpikambana vaovao hanatevina ny efa ao. Entanina kosa ireo izay efa mpikambana mba hiomana amin'ny latsakemboka. Araka ny fanazavana ihany dia samy manao izay hahatongavany eny Ambatomaro ny rehetra.
Marihana fa ny fikambanana dia najoro mba hahafahan'ny rehetra mitondra ny anjara birikiny amin'ny fanampiana ireo zanaky ny Soanierana Ivongo tsy ankanavaka miasa sy monina eto Antananarivo.

Tiaray Rakoto

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Variana mitanisa ny kilema sy fahadisoan'ny hafa, hany ka na ny fotoana hijerena sy hanitsiana ny tsy mety tamin'ny ratsy vitanao tsy ho hitanao intsony."

**Ny Vetso (08. 05. 15)**

("Those who spend their time looking for the faults in others, have no time to correct their own.")

Raharaha Omda

# Hiroso amin'ny fifidianana hatrany ireo artista mitaky fanovana



"Tsy miady aman'olona fa miady ho an'ny zo sy ny talentanay", hoy i Meizah.

Tohin'ny resaka fifidianana izay ho mpikambana anatin'ny filankevi-pitantanan'ny Omda izay narosonay omaly ihany ny horesahanay eto anio. Taorian'ny fanambarana nataon'ireo artista mpikambana ao anatin'ny sendika ny sabotsy teo, izay notarihin-dry Rossy sy Dama ankilany, ary tetsy andaniny i Samoela sy Jaojoby, izay mpikambana teo anivon'ny filankevi-pitantanana teo aloha. Dia namaly azy ireo artista « zandriny » omaly teny Andraharo ary nanizingizina fa tsy maintsy hiroso amin'ny fifidianana izy ireo. "*Tombotsoanay ny fifidianana atao. Mahatsapa izahay fa tsy nety taminay ny fitantanana nataon'ny Omda hatramin'izay. Natao maimaika izy io mba hanairana ny filoha amin'ny fanendrena ny tale vaovao. Izy ihany no afaka manao sonia amin'ny fanendrena io. Vonona izahay handray ny andraikitra tandrify anay rehefa tsy hisy handray andraikitra ireo nisora- tena rehetra. Tokony samy misitraka tombontsoa ny rehetra fa tsy ny hafa ihany. Tsy karama isam-bolana no raisina ao amin'ny OMDA fa ny fitakiana ny fitovian'ny zon'ny mpikambana rehetra no antony hidiranay anatin'ny rafitra vaovao. Efa any amin'ny filoha ny anaran' ny tale vaovao hitantana ny OMDA.* », hoy i Meizah, izay sady mpikambana 11 taona tao amin'ny Omda no anisan'ny kandida hirotsaka ho fidiana ihany koa anio. Toa izao kosa no nambaran'i Tonton Pâ: « *Manakoako ary mahamenatra ny tranga misy. Ny kanto an'ilay mpahary kanefa dia ventesina ny karazana teny manafintohina sy mandrangitra any ambadika any. Tapitra tamin'ny volana novambra ny fe-potoana niasan'ny CA OMDA. Tsy misy rijanteny milaza ny fotoana hanatanterahana ny fifidianana ireo mpikamban'ny OMDA. Tsy sanatria filam-baniny na ady fa tsy maintsy entina ny fanazavana sy ny hevitra. 500 taona ny Empire romanina fa rava ihany* ». Martial (sarimihetsika) : « *Misy ireo mpanankanto mitsivalampandry na misakana ny filoha tsy hanendry ny filohan'ny OMDA. Ny ezaka izay ataon'ny minisitra dia efa zavadehibe ary ny fitsanganan'ny CA dia hanampy ny filoha amin'ny fanaovana sonia ny fanendrena ny talen'ny OMDA. Aoka izay ny tombontsoan'olom- bitsy fa aleo mba tombontsoan'ny rehetra no jerena. Antsoina ny tanora rehetra satria ireo no hoavin'ny firenena. Tsy adinoina koa anefa ireo zoky sy ray aman- dreny izay mitari- dalana* ». Toa izao kosa no nambaran'i Malm: « *Misy tombontsoan'ny artista vitsivitsy ao dia tsy manaiky fanavaozana ireo. Ela loatra ny famoahana ny volan'ny mpanankanto ka ho avy ao daholo izahay rahampitso (anio)* ». Nisy ny fanamarihana fa isan'ireo hilatsaka ho fidiana ho mpikambana anatin'ny filankevi-pitantanan'ny OMDA ny sasany tamin'ireto nanao valandresaka androany ireto.

*Efa samy mametraka teti-panorina hoentina hiatrika ny fotoana anio na ny andaniny na ny ankilany ka hiarahantsika mahita eo ny tohiny.*

Afaka mirotsaka ho fidiana avokoa anio, ny artista rehetra mpikambana nihoatra ny 10 taona tao amin'ny Omda. Anio no ahitana ny tohiny !

Fy

Kung-Fu Wisa

# Mpikatroka an'arivony no nivondrona tetsy Mahamasina

Mpanao Kung-Fu manodidina ny 3000 no nifamotoana tetsy amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina, ny alahady lasa teo. Tsy nahasakana azy ireo ny andro ratsy teto an-drenivohitra, fa dia tonga mavitrika izy ireto, Lanonan-dehibe ho an'ny Federasiona Kung-Fu Wisa sy ny Ligin'Analamanga no natao, ka nisy ny fampisehoana teknika na "démonstration", nataon'ireo mpikatroka avy ao Analamanga, nisy ihany koa ny fampianarana teknika sy fampianarana "développement personnel" nataon'i Grand Maître Avoko, izay sady Filohan'ity federasiona. Nohararaotin'ny mpikambana kung-fu Wisa teto Analamanga, nifampiarahabana noho ny taona vaovao ho an'ny mpitantana sy ny Ray aman-dreny Kung-Fu Wisa ny fotoana, ka nisy ny fizarana vatomamy ho an'ny mpanatrika rehetra. Nanaovana jery todika ny taona lasa ihany koa ity andro ity, izay nahavitan'ny federasiona ny fitetezam-paritra manerana ny Nosy, ary koa fizarana "Sonorisation Mobile" ho an'ny ligim-paritra tsirairay avy, ka anjaran'ny teto amin'ny ligin'Analamanga no notolorana solosaina, mba hanatsarana ny fomba fiasan'izy ireo. Nanome toky ity filohan'ny federasiona kung-fu Wisa ity, fa hizarana solosaina toy izao avokoa ny ligim-paritra rehetra, amin'ny alalan'ny vola azo avy amin'ny kitapom-bolan'ny federasiona ihany. Tonga nanome voninahitra izany fotoandehibe izany ny filohamboninahitry ny kung-fu Wisa, andriamatoa Sylvain Rabetsaroana, izay nitondaran'ny filohan'ny federasiona fisaorana, tsy nanadino nankasitraka ny Tanànan' Antananarivo koa izy, amin'ny alalan'ny Ben' ny Tanàna, Naina Andriatsitohaina, tamin'ny fanomezana ny toerana, nahafahana nanatanteraka iny hetsika goavana iny. Nanamafy ny Grand Maître Avoko, fa hitohy ny fitetezam-paritra ho an'izy ireo, hamafisina hatrany koa ny fampiakarana ny haavo teknikan'ny kung-fu Wisa, izay efa manana sampana any Eorôpa (Frantsa). Tamin'ity fihaonambe ity koa no nanentanan'ity filohan'ny federasiona ity ny mpikambana kung-fu Wisa, mba handray anjara eo amin'ny raharaham-pirenena, amin' ny sehatra rehetra amin'ny maha-olom-pirenena Malagasy azy ireo.



**Sady nizara traikefa ara-teknika ihany koa ny filohan'ny federasiona nandritra izany.**

Rabenaivo

Kitra - DATO FC

# Hampiakatra ny lentan'ny baolina kitra any Atsimo Atsinanana

Taorian'ny zava-bitan'ny DATO FC tamin'ny fifaninanana "Orange Pro League 2022 ", nahararaka azy tamin'ny lalao manasa-dàlana rehefa avy nanintsana ny FOSA Junior Boeny teo amin'ny lalao ampahefa-dàlana, dia tapakevitra ny mpitantana an'ity ekipa avy any Farafangana ity fa hametraka ny tantarany amin'ny fampiroboroboana ny baolina kitra any amin'ny faritra Atsimo Atsinanana. Entina hanombohana izany hametraka ny sekolin'ny baolina kitrany, mitondra ny anarana hoe "DATO Academy", hampianarana ny ankizy 5 ka hatramin'ny 16 taona. Ankoatra an'i Farafangana dia hametrahana ihany koa i Manakara, ary fanamby apetrany ny hanitarina ny sekoliny any amin'ny disitrika hafa, izay ao anatin'ny faritra Atsimo Atsinanana hatrany. Tsy ho very anjara amin'ny fananganana ny ekipany koa ny vehivavy amin'ny alalan'ny "Ladies DATO", izay hanao fifaninanana eo anivon'ny faritra sy ny firenena. Mbola anisan'ny tanjona tiany ho tratrarina ihany koa ny fametrahana ny ekipan'ny "Beach Soccer", izay hananan'ny ankizy sy ny tanora talenta tokoa ny filalaovana azy any amin'iny faritra iny. Entina anombohana an'izany ny fanaovana "Inter-Fokontany" amin'ny "Beach Soccer", hitiliana ny mpilalao mendrika, havondrona ao anatin'ny ekipa anankiray, hiaro ny fariny amin'ny fifaninanam-pirenena, izay fantatra fa ho tanterahina amin'ny volana aogositra 2023 any Mananjary. Marihina fa tamin'ny taona 2021 no niforona ny DATO FC, izay nahitana karazana mpilalao avy any amin'ny faritra hafa. Tamin' ity taom-pilalaovana ity kosa anefa, dia nanapa-kevitra tanteraka ny mpitantana azy fa mpilalao tanora avy any an-toerana ihany no nalaina manantevin-daharana azy. Mpilalao tanora latsaky ny 20 taona ny ankamaroany. Nahitam-bokany sahady izany satria lavony tamin'ny isa 2 no ho 0 ny ekipan'ny CFFA Analamanga tompondakam-pirenena farany teo, nandritra ny lalao nanombohana ny fiadiana ny tompondakam-pirenen'ny "Orange Pro League" amin' ity taom-pilalaovana ity.

aris rafaly



**Manodidina ny 20 taona ny salan-taon'ny mpilalaony !**

CHAN 2022

# Hifarana anio ny fifanintsanana isam-bondrona

Hamarana ny lalao fifanintsanana isam-bondrona anio amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny CHAN 2022 ny ao amin'ny D, ahitana ny fihaonan'i Mauritanie sy Mali, ary Niger sy Cameroun ao amin'ny E. Ao amin'ireo vondrona anankiroa farany ireo dia ekipa telo avy no mandray anjara amin'ny lalao fifanintsanana. Tao amin'ny vondrona D dia nanao ady sahala tamin'i Angola avokoa i Mali sy Mauritanie. Nahazo isa 2 ny Palencas Negras, kanefa mbola miankina amin'ny voka-dalao azon'ireo ekipa hifanandrina farany ireo ny mety ahatafita azy amin'ny lalao ampahefa-dàlana. Tsy maintsy mitady fandresena kosa ny anankiray amin'i Mali sy Mauritanie, raha te hitana ny laharana voalohany. Raha misaraka ady sahala ihany koa anefa ny ekipa roa tonta, dia samy manana isa 2 avokoa ny ekipa telo. Araka izany dia ny elanelan'ny baolina tafiditra sy ny voka-dalao nisarahana tamin'ny fifandonana mivantana no anavahana ny ekipa tafita amin'ny lalao ampahefa-dàlana. Ao anatin'ny vondrona E kosa indray dia efa manana isa 3 i Cameroun, ary heverina fa tsy ho sarotra amin'ny Liona tsy Voafolaka ny handavo an'i Niger. Raha mitombona ny voka-dalaon'i Cameroun sy Niger, dia miady vintana amin'ny fahazoana ny laharana faharoa sisa izany i Congo sy Niger. Raha mahavita ady sahala kosa i Niger dia tafita amin'ny lalao ampahefa-dàlana.

a.r

Volley - CCC zone 7

# Efa vonona ny ekipan'ny GNVB

Iray volana eo sisa, higadona ny andro hanatanterahana ny fifaninanana CCC zone 7, taranja Volleyball. Tsiahivina, hotanterahana amin'ny 23 febroary hatramin'ny 5 martsa atsy amin' ny Nosy Maorisy ny andiany 2023, ka hanana solontena tokana isika, eo amin'ny sokajy lehilahy, amin'ny alalan'ny GNVB (Zandarimaria Nasionaly Volleyball). Araka ny fantatra, tsy naka mpilalao ivelany izy ireo, fa seleksiona avy amin'ny GNVB 1 sy GNVB2 no handrafitra ny ekipany. Marihana, ny GNVB 1 no tompondakan'i Madagasikara farany, manoloana ny fiatrehana ity fifaninanana ity, nahatsapa ireo teknisiana fa mila hatevenina ny klioba satria voninahimpirenena no arovana any Maorisy, ka nahatonga azy ireo nijery mpilalao hanampy tosika. Toy ny fanao mahazatra ny klioba amin'ny taranjam-panatanjahantena rehetra, samy mitily ary mifanaraka amin'ny klioba hafa izay tompondaka, fa tamin'ity kosa, nisafidy ny tsy haka any ivelany ny GNVB, fa izay sangany tao amin'ny GNVB 2 ihany no nalainy, izay tsorina kosa aloha, fa mahavita ary tsy mena mitaha amin'ireny mpilalao kalaza any amin'ny klioba hafa izy ireny. Inoana ihany koa, fa mpilalao mendrika hiditra anatin' ny ekipam-pirenena izany, satria dia tsy azo adinoana, fa fotoana hahafahana manomana ny ekipam-pirenena, hiatrika ny Lalaon' ny Nosy hatao eto Madagasikara amin'ity taona ity izao. Saika ny akabeazan' ireo mpilalao mandrafitra ny ekipam-pirenena rahateo dia ireo avy amin'ny GNVB. Azo antoka ihany koa, fa misy fiaraha-miasa sy torohevitra avy amin'ny federasiona ny fandrafetana ity solontenantsika hiatrika ny CCC zone 7 ity, izay miendrika ekipam-pirenena kely mihitsy.

Rabenaivo


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 439/20-15)

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 433/20-18)

* Frigo, congélateur, fanaka, machine, kojakojan-dakozia... Tél : 033.11.173.27 / 032.40.056.16. (G-BA 438/20-15)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 438/20-15)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré tsisy écolage afaka misafidy fotoana ianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 434/20-17)

* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 449/5-2)

### FIANARANA

* Fianarana haiady Aïkido Ambohimahitsy, Antsahavola, météo. Tél : 034.07.526.31. (G-BA 451/6-2)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, puisard Makiplast, wc perdu, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 445/15-7)

Andilanatoby Ambatondrazaka

# Fiaramanidina kely nianjera, tsy tana ny ain'ilay mpanamory

Nitrangana loza an'habakabaka,omaly tokony tamin' ny 9 ora maraina. Fiaramanidina kely niala teny Ivato Antananarivo hihazo any Mananara Avaratra no nianjera teo anelanelan'ny Andasibe sy Andilanatoby, distrikan'ambatondrazaka. Tsy nisy afa-tsy ny mpanamory no tao anatiny izay namoy ny ainy teo no eo. Tsy iza izany fa tovolahy vao erotrerony (25 taona) antsoina hoe Razanajafy Landry Emmanuel. Tokony tamin'ny 7 ora sy fahatelony izy no azo fifandraisana farany ity fiaramanidina kely "5RAAR-PA28" an'ny kaompania "Aéromarine" ity, izao niharan-doza izao. Nianjera 15km miala ny lalam-pirenena faha-44. Potika tsy nisy noraisina fa nivadika korotam-by. Ilay mpanamory ihany koa tsy azo nialana nenina. Hatreto dia mbola tsy fantatra mazava ny antony nahatonga ny loza. Efa eo am-panaovana fanadihadiana ny tranga ny tomponandraikitra, hoy ny Minisitry ny fitanterana sy ny famantarana ny toetr' andro, Andriamatoa Rolland Ranjatoelina.



**Potika tanteraka ilay fiaramanidina kely "5RAAR-PA28" nidarabika**

Betsaka ireo naneho ny heviny mahakasika an'ity loza loza an'habakabaka ity. Raha ny angom-baovao azonay mantsy dia mbola mpanamory mpiana-draharaha ihany i Razanajafy Landry Emmanuel, ary tao anatin'ny andro ratsy.

**Ariel D.**

Ilaka- Est

# Olona 2 novonoina , lasa ny 20 tapitrisa ariary

Olona roa no nisy namono tamin'ny fomba feno habibiana ka hita faty miala ny tanànan'i Sahabe mankany amin'ny lalana Ambalasakay Kaominina Ilaka Est distrikan'i Vatomandry, afakomaly. Nafenina tao ambany hazo voanio ny razana. Ilay ramatoa no hita faty voalohany, nifatotra tongotra aman-tanana ary nihohoka. Feno ratra ihany koa ny lohany, nahitana trobaka toa nokapohina sy norasaina tamin'ny zava-maranitra. Tsy vitan'izany fa nodidian'ireo olon-dratsy tamin'ny antsy ny sofiny sy ny tarehin'ilay vehivavy. Ilay lehilahy koa hita faty sahabo ho 1 km miala ny toerana nahitana ilay ramatoa. Feno habibiana tanteraka ny fomba namonoana azy satria nahitana ratra ny lohany, toa nodidiana tamin' ny zava-maranitra ary nokapohina ny tendany. Tovolahy antsoina hoe Liano sy ny namany no nahavanona ny asa ratsy. Efa voasambotra ity farany rehefa natao ny fikarohana. Tratran'ny zandary teny ambony taksibrosy nikasa hihazo aty. Mbola tratra tany aminy ny ambim-bola 6 tapitrisa ariary sy finday roa. Tazomina vonjimaika ao amin'ny zandary ity lehilahy ity. Mitohy kosa ny fikarohana ireo namany.

**Nikasa hody**

Resaka Kafe no nahatonga ny asa ratsy. Voalaza mantsy fa nirahan'ny « patron » hividy Kafe 1 taonina any ambanivohitra Mahanoro ilay vehivavy io. Nitondra vola 20 tapitrisa ariary izy ireo ary niaraka taminy haka ny entana ilay lehilahy antsoina hoe Liano. Rehefa tonga tao amin'ny tanàna atao hoe Marofody ireto farany dia natory ka niainga vao maraina ny zoma. Nisy lehilahy iray hafa niaraka tamin'izy ireo niala tao Marofody. Taorian'izay dia voalaza niverin-dalana nikasa hody ilay ramatoa satria lavitra ilay toerana. Tamin'io fotoana io no niseho ny fanafihana.Mitohy ny fanadihadiana.

**Ariel D.**

Toamasina

# Noravaravan'ireo mpamaky trano ilay môtô nangalariny

Tovolahy miisa telo, 17 taona sy 18 taona ary 19 taona izay mpamaky trano no tra-tehaky ny polisy tany Ankihirihiry Toamasina afakomaly tokony ho tamin'ny 1ora sy sasany. Rehefa nosavaina tao amin'ilay trano nahatratrarana azy ireo dia mbola tratra tao ny môtô iray anisany tamin'ireo entana nangalarin-dry zalahy ary efa noravaravan'izy ireo izany. Araka ny fanazavana azo, ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 3ora maraina, tokantrano iray no nisy namaky tany antoerana. Fantatra fa jiolahy maromaro no tonga nanatanteraka ny asa ratsiny tao amin'ilay trano. Nataon-dry zalahy izay nidirana tao amin'ilay trano ary noraofin' izy ireo avokoa izay entana azony nobataina tao. Nisy karazan'entana maromaro mihitsy no lasa tao ary nentin'izy ireo hatramin'ny môtô iray an'ny tompontrano. Lasa nitsoaka ry zalahy rehefa azony izay nilainy. Taorian'izay, nandeha nametraka fitoriana tany amin'ny biraon'ny polisin'ny Sut tany Toamasina ilay tompon-trano ka nandray ny andraikiny avy hatrany ny mpitandro filaminana nanao fanadihadiana sy nikaroka ny olon-dratsy. Nisy ny velam-pandrika natao ka niroso tamin'ny fisamborana ireo olona tompon'antoka tamin'ity asa ratsy ity ny polisy ary dia ireo tra-tehaka ireo izy telo lahy ary sarona tao ilay môtô halatra izay hita efa noravaravaina.

**T.H**

Ankadimbahoaka

# Mandrahona amin'ny sabatra ireo roa lahy mpanendaka



**Ireo roa lahy voasambotra.**

Lehilahy roa 24 taona sy 23 taona mpanendaka miaraka amin'ny sabatra no voasambotry ny polisy teny amin'ny fasika Ankadimbahoaka afakomaly.Tena mampikaikaika ireo olona eny an-toerana ny asa ratsy ataon-dry zalahy ireto. Rehefa mifanehatra amin'ny olona kendreny atao lasibatra izy ireo dia mandrahona hanindrona amin'ilay zava-maranitra entiny sy tena hamono mamely amin'ilay sabatra mihitsy aza. Tamin'io andro io tokony ho tamin'ny 12ora atoandro dia lehilahy iray handeha hody eny Namontana no nendahin'izy ireo ka lasa tamin'izany ny vola roa alina ariary sy finday. Lasa nitsoaka ireo olon-dratsy fa ilay lehilahy voaendaka kosa rehefa nahita ireo polisy avy ao amin'ny kaomisaria Alasora nanao fisafoana amin'ny fiara 4x4 dia nampandre azy ireo avy hatrany ny zava-nanjo azy. Nandeha nanenjika ireo mpanendaka ny polisy ka tratra tsy lavitra teo izy roa lahy ary mbola hita teny amindry zalahy ny sabatra sy ilay finday azony tamin'ilay fanendahana teo. Taorian'ny fisamborana dia nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy izy roalahy. Notanana tany sy natao famotorana mialoha ny hitondrana ny raharaha eny amin'ny fampanoavana. Mitohy hatrany ny hetsika ataon'ny polisy hampanjakana ny fandriampahalemana sy famongorana ireo jiolahy miriaria mampitaraina ny fiarahamonina.

**T.H**

Toamasina

# Lehilahy nanavotra ilay voatafika maty voatifitra

Nisehoana fanafihana mitam-piadiana tany Morafeno Toamasina ny herinandro lasa teo. Ankoatra ny vola mitentina 6 tapitrisa ariary lasan-dry zalahy dia rangahy iray nanavotra ilay olona voatafika no maty voatifitr'ireo jiolahy tamin'io fotoana io. Araka ny fanazavana azo dia olona handeha hanao versement no lasibatra. Fantatra fa jiolahy roa nirongo basy sy nitondra môtô no nanao ilay asa ratsy. Rehefa teo am-panafihana io olona io ireo olon-dratsy no hitan'ity rangahy iray ka dia niaro sy nanavotra teo izy ka tsy nisalasala ireo mpanafika avy dia nitifitra azy ary nitarika ny fahafatesany izany. Dia voaroban'ireo jiolahy ihany moa io vola an-tapitrisany maromaro io avy eo ary lasa nitsoaka ry zalahy. Efa nampandrenesina mikasika ity fanafihana ity ny mpitandro filaminana ka efa mandeha ny fanadihadiana sy fikarohana ireo jiolahy.

**T.H**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*Omby*




## Hatsikana an-tsary

*Manaikitra*




## Masoandro miposaka

**Mpitoriteny 12 : 1**

"Ary tsarovy ny Mpanao anao amin'ny andro fahatanoranao, dieny tsy mbola tonga ny andro mahory, ary tsy mbola mihatra ny taona izay hanaovanao hoe; Tsy sitrako izao;"

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




*Tantara sy sary:* Nil

## Ohabolana



**Aza atao fitia varavarana, tiana ihany fa atositosika.**

N'aimez pas comme on aime une porte : on l'aime et pourtant on la pousse tantôt d'un côté tantôt de l'autre.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2863

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 3 | | 9 | | | | | |
| 7 | 6 | | | | 3 | 4 | | |
| 4 | | | | 2 | 1 | | | |
| 5 | | | | | | | 3 | |
| 1 | 2 | 3 | | | 8 | 7 | | |
| 8 | | | | | 4 | | | |
| | 5 | | 6 | | | 1 | | 7 |
| | | | 1 | | | 3 | 4 | 6 |
| | | | | | | | 8 | 5 |

Valin'ny laharana 2862

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 6 | 9 | 7 | 1 | 5 | 3 | 4 | 2 |
| 1 | 4 | 3 | 2 | 9 | 8 | 6 | 5 | 7 |
| 5 | 7 | 2 | 6 | 4 | 3 | 1 | 8 | 9 |
| 9 | 8 | 6 | 1 | 2 | 4 | 5 | 7 | 3 |
| 2 | 3 | 4 | 5 | 8 | 7 | 9 | 1 | 6 |
| 7 | 5 | 1 | 3 | 6 | 9 | 4 | 2 | 8 |
| 4 | 2 | 5 | 8 | 3 | 6 | 7 | 9 | 1 |
| 3 | 1 | 7 | 9 | 5 | 2 | 8 | 6 | 4 |
| 6 | 9 | 8 | 4 | 7 | 1 | 2 | 3 | 5 |

# Marina izany !

## Handray ny andraikiny !

**Samy efa miomankomana amin'ny fiatrehana ny fifidianana Filoham-pirenena ny ankolafin-kery samihafa. Ny mpanao pôlitika miezaka maka ny fon'ny mpifidy, amin'ny alalan'ny fanaovana asa soa. Ny hafa miezaka mitety faritra, manangona tsikelikely ny olony sy manentana ny hafa hanatevin-daharana ny antokony. Ny mpanao pôlitika sasany miezaka manaratsy ny kandidà heveriny fa mbola matanjaka afaka hifaninana aminy. Ny ankilany koa anefa tsy mipetra-potsiny sa manao izay hampisingadina ny kandidà hotohanany. Izay ny mpanao pôlitika fa miomankomana amin'ny fandraisana andraikitra mahakasika ny fifidianana ihany koa ny mpitondra fivavahana, araka ny nambaran' ny Filohan'ny FFKM, nandritra ny famidram-pitantanana, tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo. Nilaza ny hitondra ny anjara birikiny mba hisian'ny fifidianana madio sy mangarahara ary eken'ny rehetra mantsy ny filoham-piangonana efatra mirahalahy. Hevitra itovizan'ny Filoham-piangonana amin'ny Filoha teo aloha, Hery Rajaonarimampianina izay miomankomana hiverina an-tanindrazana ato ho ato. Nanamarika mihitsy ny hiditra an-tsehatra, hanara-maso ny fifidianana mba hisorohana ny hosoka sy ireo endroika rehetra mety hisehoan'ny hala-bato. Ny dikany, hiverina indray izany ny andrimaso FFKM niaraka tamin'ny CNOE sy ny "Justice et Paix", nitambatra tao anatin'ilay antsoina hoe : "Consortium des Observateurs", tamin'ny taona 2001. Raha tsiahivina dia kandida nifaninana tamin'izany i Marc Ravalomanana sy ny amiraly Didier Ratsiraka. Fanaraha-maso fifidianana, niafara tamin'ny famoahana vokatra vonjimaika, nifanindran-dalana tamin'ny voka-pifidianana ôfisialy.**

Voahangy Rakotozafy

TRIBUNAL DE PREMIERE
INSTANCE D'ANTSIRABE

JUGEMENT CIVIL

N°149 du 16 FEVRIER 2022

NATURE :
HOMOLOGATION PARTAGE

RANJALAHY Joseph
CONTRE
1. RAZAFIMALALA Christine
2. RAZAFINDRABODO Cécile
3. RAHELINORO Berthe
4. RALIVAO Sylvestre Bernard
5. RAKOTOMALALA Fidèle Bernard
6. RAZAFIMALALA Margueritte Marie
7. RAMASIMANANA Jean Louis
8. RANAIVOARIMANANA Félix De Valois
9. RANDRIAMANANA Emile

DOSSIER N°1379/RG/21/AC
Siégeait : ANDRIAMISAMANANA Tsiry, Juge près du Tribunal de Première Instance d'Antsirabe ;
-PRESIDENT-
Assisté de Me RAKOTOMANGA Harinirina Finaritra, Greffier tenant la plume,

AUDIENCE PUBLIQUE DU SEIZE FEVRIER DEUX MIL VINGT DEUX

A l'audience publique du seize février deux mil vingt deux, tenue par le Tribunal de Première Instance d'Antsirabe, statuant en matière civile et en premier ressort, en la salle ordinaire de ses audiences ;

A été rendu le jugement suivant ;

ENTRE :

RANJALAHY Joseph, demeurant au lot 0910 G 131 Mahafaly Vatofotsy Antsirabe I ;
REQUERANT, comparant et concluant
-d'une part-

ET
1. RAZAFIMALALA Christine
2. RAZAFINDRABODO Cécile
3. RAHELINORO Berthe

Tous demeurant à Ambohidravaka Antsirabe I ;

4. RALIVAO Sylvestre Bernard, demeurant au lot 103 H 132 Soafiadanana Antsirabe I, représenté par MARY Manampy ;
5. RAKOTOMALALA Fidèle Bernard, demeurant au lot 103 H 133 Ambohidravaka Antsirabe I
6. RAZAFIMALALA Margueritte Marie
7. RAMASIMANANA Jean Louis
8. RANAIVOARIMANANA Félix De Valois
9. RANDRIAMANANA Emile

Demeurant à Ambohidravaka Antsirabe I ;
REQUIS,
-d'autre part-

PAR CES MOTIFS

Après en avoir délibéré conformément à la loi ;

Statuant publiquement, contradictoirement à l'égard du requérant, et des défendeurs RALAIVAO Sylvestre et RAKOTOMALALA Fidèle, en matière civile et en premier ressort ;

Répute le présent jugement contradictoire à l'égard RAZAFIMALALA Christine, RAZAFINDRABODO Cécile, RAHELINORO Berthe, RAZAFIMALALA Margueritte Marie, RAMASIMANANA Jean Louis, RANAIVOARIMANANA Félix et RANDRIAMANANA Emile ;

En la forme
- Déclare la requête recevable ;

Au fond
- Homologue le rapport d'expertise établi par le géomètre expert RAMILISOA Herilala Julie en date du 7 avril 2021 ;
- Dit qu'il ne peut servir qu'aux seules fins pour lesquels il a été délivré ;
- Laisse les frais et dépens à la charge du requérant ;

Ainsi jugé et prononcé en audience publique, les jours, mois et an que dessus ;
Et la minute du présent jugement a été signée après lecture par le Président et le Greffier./.

-SUIVENT LES SIGNATURES-
-SUIT LA MENTION D'ENREGISTREMENT-
Bord 57/22-11
DF : Ar 4.000
Enregistré à la Recette du Centre Fiscal ANTSIRABE
Le 11 mars 2022
F°07 N°16 Vol AD/03
Reçu : Quatre mille ariary
Le Receveur
(signé)
RAVELOARISON Nivoniaina
Encadreur

G NC 009/1-1

NB : aucun appel ne sera recevable passé le délai de un mois (1 mois) à compter de la présente publication

Ambasadaoro Arnaud Guillois

# "Tsy hitsabaka amin'ny raharaham-pifidianana eto mihitsy ny Frantsay"

*Na izany na tsy izany, milaza ny vonona amin'ny fifampiresahana hanampiana an'i Madagasikara hanatontosana fifidianana eto ity diplomanty frantsay ity.*

Telo volana sy tapany aty aorian'ny nanendrena azy ho Ambasadaoro vaovaon' ny firenena frantsay eto Madagasikara dia nanokana fotoana niresahana tamin'ny mpanao gazety teny Ivandry ny SEM Arnaud Guillois, omaly. Namelabelatra ireo vinampiaraha-miasa hotanterahina eo amin'i Madagasikara sy Lafrantsa ity diplomaty vahiny ity nandritra izany ka ankoatra ny sehatry ny angovo sy ny fikajiana ny tontolo iainana ary ny fanabeazana dia nasongadiny ihany koa ny fampiroboroboana ny toekarena izay andraisan'ireo orinasa frantsay anjara amin'ny alalan'ny famoronana asa sy fanofanana ny tanora Malagasy. Manaraka izany, voaresaka nandritra ny fihaonany tamin'ny mpanao gazety ny resaka fifidianana filoham-pirenena tokony tanterahina eto amin'ny firenena amin'ity taona ity sy ny raharaha fitakiana ny fiandrianam-pirenena malagasy amin'ireo "Iles Eparses". Mikasika ny resaka fifidianana, notsipihan'ny Ambasadaoro Arnaud Guillois fa safidin'ny Malagasy samirery ny mametraka sy mifidy izay hitantana an'i Madagasikara ka tsy hitsabaka amin'ny raharaham-pifidianana eto mihitsy ny firenena frantsay. Na izany na tsy izany, nambarany fa manohana ny firosoana amin'ny fifidianana ara-demokratika izay mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana ka hiteraka fitoniana maharitra eto ny firenena frantsay ary misokatra amin'ny fifampiresahana hanampiana an'i Madagasikara hanatontosana fifidianana malalaka, ara-drariny, mangarahara ary andraisan'ny rehetra anjara.

**Fanonganam-panjakana**

Manodidina ny resaka « Iles Eparses » indray, milaza ny vonona amin'ny fanohizana ny dinika savaranonando niarahan'ny firenena roa tonta, natao teny Faravohitra tamin'ny 18 novambra 2019 ny Ambasadaoro Arnaud Guillois. Mifanindran-dalana amin'izany, mieritreritra ity diplomaty frantsay ity fa raha ho raikitra amin'ity taona ity ihany ny dinika mila atao vaindohan-draharaha amin'izany ny fijerena ny tombontsoa isasahana sy iraisana amin'ireo "Iles Eparses" ireo. Fanehoankevitra mety hampiakatra ny ambompon'ny mpiray tanindrazana indray, indrindra fa ireo antoko sy fikambanana miady ny hiverenan'ny fiandrianam-pirenena Malagasy amin'ireo tanintsika ireo sy mitaky ny hialan'ny Frantsay tsy misy fepetra ao amin' izany. Farany, isan'ny nametrahan'ny mpanao gazety fanontaniana nandritra ity fihaonana teny Ivandry ity ihany koa ny mikasika ireo teratany frantsay roa voatazona am-ponja eny Tsiafahy, izay samy voatonontonona ho nikononkonona fanonganam-panjakana teto. Raha tsiahivina, tsy manaiky ny hitazomana azy roa lahy ireo eto ny fianakaviany ka mitaky ny hametrahana ny raharaha eo antanan'ny Fitsarana Frantsay. Niezaka niala mba tsy ilazana hoe tsy namaly izany resaka izany ny SEM Arnaud Guillois saingy nilaza fa manaraka akaiky ny zava-misy indrindra ny fanajana ny zon'ny voafonja na ara-pahasalamana io na ara-tsakafo.

Mamy R.

Fanovana governemanta

# Tsy azo ihodivirana, noho ny fahabangan-toerana ao amin'ny Raharaham-bahiny

Resahina betsaka tato ho ato ny mety hisian'ny fanovàna governemanta. Ho fanovàna manontolo ve sa ny ampahany amin'ny mpikambana ihany? Taorian'ny baiko midina ny tsy maintsy nampiatoana ilay fitsipahampitokisana na dia efa nihoatra ny fetr'isa takian'ny lalàna aza ny solombavambahoaka nanao sonia dia tsy vitsy ny mpandinika pôlitika no mihevitra fa mety tsy hanala Praiminisitra amperinasa ny Filoham-pirenena, mandra-pitsiry ny hevitra vaovao indray. Antony, efa lalana eken' ny lalampanorenana no nizoran'ny maro an'isa teny amin'ny Antenimierampirenena, nefa nosakanan'ny tompon'ny sonia. Andro vitsivitsy lasa nefa izay dia noresahana an-gazety ny fiverenan'ny Praiminisitra teo aloha roa an-tanindrazana, mifanindry indrindra amin'ny fotoana iresahana fanovana governemanta. Fifandrifian-javatra ve sa ny iray amin'izy ireo no hotendrena lehiben'ny governemanta? Ho an'ny mpandinika ny raharahampanjakana, amin'ny ankapobeny dia vitsy amin'ny tantara pôlitika ny fiverenana amin'ny toerana iray.

*Fifandrifian-javatra ve ny fiverenan'ireo Praiminisitra teo aloha 2 an-tanindrazana sa misy ifandraisany amin'ny fivoaran'ny raharaham-pirenena.*

**Antony ara-pianakaviana**

Ho an'ny eto amintsika manokana dia mbola tsy nisy teo amin'ny tantarampirenena ny tompon'andraikitra avy Praiminisitra no niverina tamin'io andraikitra io. Efa nisy kosa anefa ny minisitra nisahana ny departemanta hafa no nafindra minisitera, raha tsy hiresaka afa-tsy ny minisitry ny Vola sy ny Teti-bola teo aloha nafindra nisahana ny Raharaham-bahiny. Toy izany koa ny minisitry ny Fanatanjahantena, naverina tamin'io andraikiny io rehefa avy nitantana minisitera hafa, tamin'ity fitondrana ity. Araka ny loharanom-baovao samihafa dia ny iray amin'ireo Praiminisitra niverina an-tanindrazana ireo no matetika mihaona amin' ny Filoham-pirenena, raha antony ara-pianakaviana kosa no voalaza fa antondian' ny Praiminisitra teo aloha iray. Andrasana izany izay ho fivoaran'ny resaka manodidina ny mety hisian'ny fanovàna governemanta izay tsiahivina fa tsy azo ihodivirana, noho ny fisian' ny fahabangan-toerana ao amin'ny minisiteran'ny Raharaham-bahiny izay anisan' ireo dimy miantoka ny fiandrianam-pirenena.

V.R.

TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Fampianarana

# Tsy mianatra mandritra ny 3 andro ireo ankizy madinika

Namoaka fanambarana ny avy eo anivon'ny CISCO Antananarivo Renivohitra taorian'ny fivoriana nataon' ny komity ifotony fa miato mandritra ny telo andro ny fianarana ho an'ireo ankizy madinika izany hoe ireo "prescolaire" hatramin'ny T5 na miankina amin'ny fanjakana na tsia. Toraka izay ihany koa ny fanapahakevitry ny Cisco Avaradrano. Anton'izany fanapahan-kevitra izany ny rano miakatra noho ny andro ratsy sy ny rotsak'orana izay efa nambaran'ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro fa mbola haharitra hateloana. Mitohy kosa ny fampianarana ho an'ireo mpianatra any amin' ny ambaratonga faharoa sy ny ambaratonga fahatelo. Ireo toerana hatahorana mety hitrangan-doza toy ny fihotsahan'ny tany na fiakaran'ny rano kosa mijanona avy hatrany ny fampianarana. Efa misy ny komity mpanara-maso eny anivon'ny sekoly tsirairay afaka mandray andraikitra avy hatrany raha misy tranga miseho tampoka. Ho an'ny Cisco Atsimondrano, ZAP 8 no tena voakasiky ny andro ratsy ka tsy mianatra izy ireo manomboka anio hatramin' ny alakamisy. Ho an'ny ambiny kosa, ireo mpianatra eny amin'ny ambaratonga fototra no miato fa manohy fianarana ny ambiny. Ho an'ny Cisco Ambohidratrimo, ireo sekoly tena tsy maintsy miampita rano no miato tanteraka ny fampianarana izany hoe ZAP 5 eo no voakasik'izay. Ny foibempampianarana tsirairay dia afaka manapa-kevitra aorian' ny fivoriana ataon'ny komity eny ifotony amin'izay hita fa tokony na tsia hatao. Mety hiova manaraka ny toetry ny andro izany fanapahankevitra izany ka tokony hanaraka ny vaovao hatrany ny rehetra.

**Nath**

Rivodoza Cheneso

# Niakatra 14 ireo olona tsy hita, lasan'ny rano ny talen'ny EPP Ambohibary

Miakatra avokoa ny rano any amin'ireo faritra nandalovan'ny rivodoza Cheneso. Vokany, tafakatra 14 ireo olona tsy hita popoka lasan' ny rano araka ny fampitambaovao ofisialy avy tamin'ny BNGRC (Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes). Ankoatra ireo 6 efa notaterina teto amin'ny fampahalalambaovao dia fantatra fa tsy hita lasan'ny rano ny talen' ny EPP Ambohibary, kaominina Marovato, distrikan'i Port Bergé. Lehilahy 33 taona, no tsy hita lasan'ny rano tao amin'ny fokontany Andriampamaky, kaominina Ambohitrony, distrikan'i Manjakandriana. Nisy vehivavy 1 niaraka tamin'ny zaza 1 lasan'ny rano koa tao amin'ny fokontany Ambodivoara, kaominina Ambodinonoka, distrikan'i Marolambo. Nisy lehilahy 1 hafa no tsy hita nentin'ny rano tao amin'ny fokontany Ampasitanatana, kaominina Bekipay, distrikan'i Mitsinjo. Lehilahy 23 taona no tsy hita lasan'ny reniranon'i Menavava tao amin'ny fokontany sy kaominina Behazomaty, distrikan'i Kandreho. Tsy hita lasan'ny rano ihany koa ny olona 1 tao amin'ny fokontany Andranomiditra, kaominina Ambohitoaka, distrikan'i Mampikony. Lehilahy iray koa no lasan'ny reniranon'i Bemasoandro, distrikan'i Maevatanana. Mijanona ho 3 ny isan'ireo namoy ny aina, saingy niakatra 17 129 ireo traboina ary efa raisina an-tanana amin'ny toerana 29 any amin'ireo faritra tra-doza ny 8 334 amin'ireo.

*Mijanona 3 ireo maty ary niakatra 17 129 ireo traboina.*

**Tapaka**

Nanimba lalam-pirenena maro ny fiakaran'ny rano. Tapaka eo amin'ny teboka kilometrika PK 434+700 ao Anjiajia ny lalam-pirenena fahefatra na ny RN 4, izay mampitohy an'Antananarivo sy Mahajanga. Lasan'ny rano tanteraka ny ampahandalana. Misy fahatapahandalana maromaro ihany koa ao amin'ny distrikan'Ambohidratrimo, faritra Analamanga. Tafiditra ao anatin' izany ny lalana mampitohy an'Anosiala sy Soamanandray, ny lalana mankany Ankadifotsy Mahitsy vokatry ny fahavakisan'ny fefiloha ao an-toerana, ary ny lalana mampitohy an'Ambohimiadana sy Mahabo. Mitokamonina tanteraka ny fokontany Morafeno, kaominina Niarovana, distrikan'i Vatomandry, noho ny lalana dibo-drano. Misy fahatapahana maromaro koa amin'ny RN 32, dia eo amin'ny PK 74, PK 33 ao Ambodimangambahiavy, PK 46 ao Analarejy, PK 48 ao Ambodimadiro, ary PK 29 ao Ampobolava.

**R. Muray**

Raharaha "base Toliara"

# Mihamafy ny fanoheran'ny mponina tsy manaiky ny hitrandrahana fasimainty

Manoloana ny fanehoankevitra maro mandeha tamin'ny haino aman-jery mikasika ny amin'ny tokony hanokafana ny orinasa "base Toliara" tato ho ato dia nivoaka tamin'ny fanambarana ireo fikambanana sy ny mponina izay miaro ny tontolo any an-toerana. *"Vao mainka mihamafy ny fanoheran'ny olona aty Toliara. Raha atao mahitsy ny resaka dia resa-bola no ao ambadik'ireny fanambarana sy vaovao iniana haely amin'ny radio sy fahitalavitra ary gazety rehetra ireny fa hatreto tsy misy orinasa base Toliara mitondra asa manampy ny olona sy mihodina na mandeha izany aty izao. Io ilay efa fomba fiadian'ireo olom-bitsy eo anivon'io orinasa io ka ny fanomezam-bola an'ireo olona izay manaiky mandray izany no ataony mba entina hanairana ny fitondram-panjakana. Rariny raha mitsangana ny fokontany maro sy ny fokonolona manohitra an'io asa fitrandrahana io"*, hoy i Théo Rakotovao izay filohan'ny fikambanana MAZOTO izay any Toliara efa nandritra ny fotoana naharitra izay taminay omaly. Ankoatran'izay dia nanao valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety any an-denivohitry ny Faritra Atsimo Andrefana ihany koa ny fikambanana MAZOTO sy ny Zana-driake ka nilazan'ny mpitarika ity farany fa *" hatreto tsaho iniana apaitaka ary olona nokaramaina ireny miseho fahitalavitra ireny. Izahay mpanarato rehetra mivelona amin'ny hazandranomasina dia milaza eto fa misy resaka ambadika io fanaovana antso hanokafana ny base Toliara io. Tsy manaiky an'io izahay fa ho toherinay hatramin'ny farany"*, hoy Atoa Georges izay filohan' ny fikambanana Zana-driake amin'ny fokontany 18 ao Toliara Renivohitra taminay. Raha ny loharanom-baovao mari-pototra azonay dia fokontany maro toa an'i Tsiafanoky, Beroroha, Ankililaoky, Benetsy izay hisian' ny fitrandrahana fasi-mainty no mijoro amin'ny fanoherana ny hiasan'ity orinasa ity. Miandahy miam-bavy ny fanoherana misy isaky ny fikambanana sy isampokontany ho fiarovana ny tontolo iainana. Tsiahivina fa orinasa izay efa nampiatoan'ny fanjakana amin'ny fitrandrahana izay ataony ny "base Toliara".



**Tsy manaiky ny hanimbana ny tontolo iainana ireo vahoaka any Toliara. (Sary tahiry)**

**Heriniaia A.**

Fanadinam-panjakana

# Tsy handoavam-bola ny fisoratana anarana



Taorian'ny fitarainana nataon'ireo tomponandraikitra misahana ny sekoly tsy miankina, fantatra ankehitriny fa natsahatra ny fandoavam-bola amin'ireo mpiadina misoratra anarana hiatrika fanadinam-panjakana. Tsiahivina fa manomboka amin'ny 500Ar hatramin'ny 3000 ar isaky ny mpianatra izany vola alaina izany. Natao indrindra hampiasaina amin'ny fitaterana ny laza adina na ihany koa hampiasaina amin'ny fanatontosana fanadinana izany vola izany. Mavesatra ho an'ireo sekoly tsy miankina mantsy izany saingy amin'ny maha fanadinam-panjakana azy dia saropady loatra ka mila fahaiza-mikarakara tsara. Tsy maintsy mitondra taratasy fotsy tsy misy soratra, na kahie 50 pejy ireo mpianatra hatao vakiraoka. Mankasitraka ny fanapaha-kevitra noraisin'ny fitondram-panjakana ny sekoly tsy miankina amin'izao fanamaivanana ny fahasahiranana izay iarahan'ny rehetra mahita fa mafy izao.

**Nath**

Fanafarana loko

# Handraisana fepetra fanitsiana ara-barotra

Manara-maso akaiky ny fifaninana eo amin'ny tsenan'ny loko ny fanjakana malagasy. Araka ny fampitam-baovao avy amin'ny minisiteran'ny fampiroboroboana ny indostria sy ny varotra ary ny fanjifana, dia hiroso tsy ho ela amin'ny fametrahana ny fepetra fanitsiana ara-barotra eo amin'ny fanafarana loko ny eo anivon'ny ANMCC (Autorité Nationale chargée des Mesures Correctives Commerciales). Notanterahina tamin'ny 17 janoary lasa teo, teny Antanimena, ny fihaonana sy ny fihainoana ireo mpisehatra amin'ny fanafarana loko taorian'ny fanadihadiana natao. Nandray anjara tamin'ity fihaonana ity ireo mpamokatra loko, mpanafatra entana, ary ny mpiaro ny zon'ny mpanjifa. Natomboka tamin'ny voalohan'ny volana jona 2022 lasa teo ny fanadihadiana nataon'ny ANMCC, koa manana hatramin' ny anio 24 janoary ireo mpisehatra hitondrana antontankevitra fanampiny mialoha ny hanaovana ny fanitsiana. Rehefa tapitra io fe-potoana io dia hiroso amin'ny famolavolana ny fepetra fanitsiana ara-barotra ny ANMCC. Efa maro ireo vokatra nandraisana fepetra ara-barotra ho fiarovana ny mpamokatra sy ny mpanjifa eto an-toerana toy ny paty fihinana, ny menaka, ny savony, sns. Anisan'ny fepetra mety horaisina ny fampiakarana na fampidinana ny tahan'ny haban-tseranana amin'ireo vokatra hafarana avy any ivelany.

**R. Muray**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 900 - 01 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

*Nahandro*

**Trondro maina sy angivy**

**Zavatra ilaina :** Trondro maina (fony), angivy, anamalaho, voatabia, tongolobe, menaka.

**Fikarakarana azy :** Alaina ny trondro maina (fony), ilay miloko mainty toy ny avy natono ireny. Lomana anaty rano. Endasina anaty vilany avy hatrany ny voatabia sy tongolo, dia asiana rano tapaky ny zinga avy eo. Arotsaka ny trondro sy angivy dia avela hiarahiketrika. Azo tapohina rano araka izay tiana. Rehefa akaiky ho masaka dia arotsaka ny anamalaho. Esorina amin'izay rehefa masaka fa tsy andrahoina maharitra loatra ny hazandrano.